# TOROLALANA AMIN'NY FANOHANANA NY SEKOLY SY NY TOBIM-PAHASALAMANA HO SAKAIZAN'NY RANO FIDIOVANA SY FANADIOVANA (RFF) SY HANARAKA IREO FEPETRA FOTOTRA TOKONY ARAHANA AMIN'NY SEHATRA RFF

# NY DINGANA SY FEPETRA ARAHINA

## 1. Ho an'iza ito Torolàlana ito?

Ito Torolàlana ito dia natao ampiasain'ny Technicien Accompagnateur (TA) ato amin'ny Tetik'asa RANO WASH sy ny ATEAH mba hahafahan'izy ireo manohana ireo sekoly sy tobim-pahasalamana eny anivon'ny Kaominina iandraketany hanaja ny fepetra fototra tokony arahana amin'ny sehatra Rano Fanadiovana sy Fidiovana.

## 2. Inona no antony anohanana manokana ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana?

Ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana dia toerana anisan'ny ivezivezen'ny olona betsaka indrindra ary noho izany dia tokony ho toerana hahafahana misoroka tanteraka ny fihanaky ny aretina samihafa indrindra ireo mifandray mivantana amin'ny rano, fidiovana sy fanadiovana. Ankoatra izay, ireo toerana ireo koa dia tokony ho modely amin'ny sehatra Rano Fidiovana sy Fanadiovana eny anivon'ny Kaominina.

## 3. Iza avy ireo Sekoly sy Tobim-pahasalamana tokony ho tohanan'ny RANO WASH?

Ireo Sekoly sy Tobim-pahasalamana rehetra eny anivon'ny Kaominina dia tokony tohanana avokoa, na kendrena ho lasa "Sakaizan'ny RFF" (Ami de WASH) izy na tsia. Tsy ireo Sekoly na Tobim-pahasalamana voasafidy manokana ho lasa "Sakaizan'ny RFF" ihany no tokony manaraka ireo fepetra fototra RFF satria samy ivezivezen'ny olona izy ireo ary samy manana anjara andraikitra lehibe mba hahatonga ny Kaominina iray manontolo ho afaka tanteraka amin'ny fangerena ankalamanjana.

## 4. Ireo tsara ho tadidy rehefa miara-miasa amin'ireo Sekoly sy Tobim-pahasalamana:

- Andraikitry ny Kaominina ny manentana sy ny mitarika ny Rafitra rehetra misy eo aminy mba hanaja ny fepetra RFF. Noho izany, ny Kaominina no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanentanana sy fampandraisan'andraikitra ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana. Noho izany dia tokony ho tafiditra ho laharam-pahamehana anatin'ny drafitrasan'ny Kaomina (plan d'action communal) ny fiaraha-mientana amin'izy ireo. **Anisan'ny lahasa sahanin'ny ATEAH noho izany ny fanentanana sy fiaraha-miasa amin'ireo sekoly sy tobim-pahasalamana ireo.**

- Ireo sekoly sy tobim-pahasalalamana koa anefa dia eo ambany fiahian'ireo Ministera miandraikitra azy avy ary noho izany dia misy hatrany ihany koa ny fiaraha-miasa miaraka amin'ireo tompon'andraikitra isan'ambaratonga eny anivon'ny Kaominina, ny Distrika ary ny Faritra.

## 5. Inona avy ireo dingana harahina hanohanana ireo Sekoly sy Tobim-pahasalamana mba hanaja ireo fepetra RFF?

| Dingana arahana | Ireo mpanatrika | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fivoriana fanazavana manokana ireo fepetra fototra RFF tokony hisy eny anivon'ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana (tanterahana miaraka amin'ny talen'ny sekoly rehetra na tanterahana isaky ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana) | Lehiben'ny sekoly rehetra, lehiben'ny tobim-pahasalamana<br>Solotenan'ny Kaominina | Mahafantatra ireo fepetra fototra RFF tokony ho tandrovana ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana<br>Mametraka komity misahana ny RFF ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana<br>Manana drafitrasa tsotra ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana mba hahafahany manatsara ny tolotra RFF eo aminy, izay tanterahina anaty fe-potoana voafaritra araka ny ifanarahan'ny komity, izay tsy atao mihoatra ny herintaona. |
| Fanazavana fametrahana komity | | |
| Fanampiana ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana amin'ny alalan'ny famangiana sy fivoriana fanaraha-maso | Lehiben'ny sekoly rehetra, lehiben'ny tobim-pahasalamana | Mananteraka ireo asa anatin'ilay drafitrasa izay napetraka ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana , ireo tokony hanatanteraka izany. |

## 6. Manao ahoana ny mikasika ny komity ?

**a. Ho an'ny sekoly**

Komity Manokana Misahana ny Rano, Fanadiovana, Fidiovana:

- Talentsekoly,
- Solontenan'ny mpampianatra sy mpianatra,
- ny FRAM,
- ny FEFFI
- ny Fokontany
- ary ireo fikambanana mpanao asa soa voafidy tamin'ny fivoriambe.
- STEAH (Kaominina)

Ny komity dia miantoka :

- Famolavolana ireo paikady sy asa tokony atao mba hahatonga ny sekoly hanaraka ireo fepetra fototra RFF
- Fanetsehana ireo loharanon-kery rehetra entina hanatanterahana ny paikady (ohatra: olona, fitaovana, vola
- Fanatanterahana ny paikady
  Fanaovana tombana(" auto-evaluation" sy "évaluation").
- Manao tatitra/ an-tsoratra mirakitra ny zava-bita, Indrindra amin'ny ambaratonga ambony miahy azy eo anivon'ny distrika/faritra; ary mangataka fanohanana aminy raha ilaina izany.

**b. Ho an'ny tobim-pahasalamana**

Komity Manokana Misahana ny Rano, Fanadiovana, Fidiovana:

- Chef CSB
- STEAH
- Solotena eo amin'ny fandraharahana na « administration » eo anivon'ny Kaominina - ohatra :2ème adjoint au Maire
- Président du conseiller
- Solontena 1 na 2 avy amin'ny mpiasan'ny CSB (ankoatran'ny Chef CSB) (fidiana)
- Solontena 1 na 2 avy amin'ny mpanentana ara-pahasalamana (AC) (fidiana)

Ny komity dia miantoka :

- Famolavolana ireo paikady sy asa tokony atao mba hahatonga ny tobim-pahasalamana hanaraka ireo fepetra fototra RFF
- Fanetsehana ireo loharanon-kery rehetra entina hanatanterahana ny paikady (ohatra: olona, fitaovana, vola)
- Fanatanterahana ny paikady
- Fanaraha-maso sy tombana

### 7. Iza no manatanteraka ny asa fanohanana eny anivon'ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana?

Ny STEAH sy ny Kaominina no tompon'andraikitra miara-miasa akaiky amin'ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana amin'ny fanohanana azy. Ny TA RANO WASH kosa dia manana andraikitra manampy ny STEAH sy ny Kaominina ahafahany manatanteraka izany andraikitra izany. Izany dia midika:

- Fampahatsiahivana matetika
- Fiarahana manao drafitrasa sy fanaraha-maso izany drafitrasa izany
- Fanomezana torohevitra ahafahana miara-miasa amin'ireo Sekoly sy Tobim-pahasalamana
- Fanamafisana ny traikefa
- Famporisihina ny fampisiana sehatra hifanakalozan'ny mpiara-miombona antoka rehetra mba hahatonga ireo sekoly sy tobim-pahasalamana hanaja ny fenitry ny fahadiovana.

Tsara raha miara-mamaritra ny andraikiny ny sekoly sy ny tobimpahasalamana ary ny kaominina hahatonga ireo sekoly sy ny tobimpahasalamana eo anivon'ny kaominina hanaja ny fenitry ny fahadiovana.

(ho an'ireo sekoly eo anivon'ny kaominina)

| Andraikitrin'ny Kaominina | | Andraikitry ny Mpiandraikitra eo anivon'ny sekoly (tale sy mpampianatra) na eo amin'ny tobimpahasalamana (ny mpitsabo sy ny mpiasan'ny fahasalamana rehetra , ary ireo mpilatsaka an-tsitrapo toy ny AC) | Andraikity ny Komity | Andraikitr'ireo mpianatra sy ny ray aman-drenin'ny mpianatra na ireo mpisitraka ny tobim-pahasalamana |
|---|---|---|---|---|
| Ny Kaominina amin'ny ankapobeny | ATEAH | | | |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Ohatra : Mandray ho anisany laharapahamehana ao anatin'ny paikady sy teti-bolan'ny kaominina ny asa fanohanana ny Sekoly | | | | |